# 365Tantara 70.Zaza iray no hitantana azireo!



# 70. Zaza iray no hitantana azireo!

I Marie dia zazavavy tsara fanahy , roambiny folo taona Mora hiara-monina sy tia ny Tompo izy. Ny tokatranon'ny rai-aman-dreniny tsy dia tomombana loatra anefa Mifamaly matetika izy mivady Indray andro, niala ny trano ny rai-pianakaviana, ka namela azy mianaka irery Tena nampijaly an'i Marie izao toe-javatra izao Matetika dia mihidy ao amin'ny efitranony ao izy Mivavaka amin'i Tompo, ny mba hiverenan'i Rainy Lasa ihany ny fotoana nefa tsy nisy zava-nitranga!



Indray andro, narary izy, ka niantson'i reniny dokotera rehefa nozahany izy, dia hoy ny dokotera tamin'ny reniny hoe: « Ramatoa, aretina mafy ity! mahereza, efa tena lany haiky aho ny momba azy, tsy avotra intsony ny zanakao. Amin'alahelo sy ranomaso no nanontaniany ny zanany vavy izay zavatra hiriny Kilalao mahafinarira, saribakoly, sa kilalao hafa?

- tsia hoy izy

- Inona ary no tianao?

- tia ahita an'i Dada aho!


JEMBAMIN & FILS
SINCE 1902

Lasa niandry ny vadiny teo am-bavahady ny toeram-piasany izy.


JEMBAMIN & F
SINCE 1902

Nohony hitany ramatoa, dia noteneniny amin'ny fomba masiaka:

- Inona no hataonao eto? mandehana mandeha any!

- Tsy ho ahy no hatongavako eto, fa i Marie no mitady anao

Eo am-bavan'ny fahafatesana izy ka tia ahita anao Antsatra rainy nanao hoe:

- Handao haingana, aoka tsy andany andro isika!



Rehefa tonga  tao amin'ny efitrano izy ireo, dia nandohalika teo an-tongom-pandriana Ary Marie, amin'ny endrika efa tandindonin'ny fahafatesana nandray ny tanan'izireo ary nametraka ny azy teo amboniny, dia niteny izy amin'ny feo efa ambany « Dada sy Neny aoka iray hina ianareo Avy niteny izany izy dia nametraka ny fanahany amin'Andriamanitra am-pitsikiana. Nahatanteraka ny adidiny izy Tsy misy zaza izay tsy afaka manaraka ny làlana tery. Rehefa ny Tompo no mitarika azy eo an-kavanany Na dia ny fo tanora indrindra aza dia afaka ataon'i Tompo fitaovana.